

# Alahady 21 Apr 2019

« Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo, araka izay tsy maha-misy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika ; ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin'ny masirasira ela, na amin'ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin'ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana ». 1 Korintiana 5 :7-8

Ilay **and.7** no iaingana : « *Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo* ». Ilay vongana toy ny hoe paty, paty fanaovana itony mofo itony, « *mba ho vongana vaovao ianareo araka izay tsy maha-misy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika* ». Ilay **and.7** io ry havana, rehefa jerena ny dikantenin'ny DIEM, dikanteny iombonana eto Madagasikara, dia hoy ny **and.7** hoe : « *Esory io leviora tranainy io, izany hoe ny fahotana, mba ho madio tokoa ianareo; dia ho tonga koba vaovao* ». Ilay dikanteny protestanta manao hoe « vongana vaovao », tsy dia azo tsara ilay izy, fa hoe « ho tonga koba, ilay paty moa izany, koba vaovao ». Izay ilay hafatra amin'izao Paska izao ry havana o, hoe : RESAKA K0BA, ARY K0BA VA0VA0.

Misaotra ny Tompo isika amin'izany teny tsotra izany, indrindra isika aty Madagasikara, etsy izao misy mpivarotra koba, sady tsara ilay koba ; dia isaky ny maka koba, ilay manao gouter kely iny isika, amin'ny 4 iny, na amin'ny 12 iny, dia : hay, misaotra anao Tompo ô, ny amin'ity koba ity, ahatsiarovako fa « koba vaovao » izaho, « koba vaovao » izaho. Tsy mbola hampiteny anareo aho amin'ilay voisn anareo hijoro vavolombelona hoe « izaho koba vaovao », satria mety mbola tsy azonareo hoe ahoana no maha « koba vaovao » anareo, fa teneno ihany izy hoe : « ianao ange ka koba vaovao ». Teneno an'izany ilay voisn anao : « ianao ange ka « koba vaovao » e ! ». Ary izany ny vaovao mahafalin'ny Paska : K0BA VA0VA0 IANA0 RY HAVANA.

Inona no hafatra voalohany ho anao « koba vaovao » ? Satria izay no tenenina an : esory ny masirasira ela mba ho koba vaovao ianareo. Izay izany ny programan'Andriamanitra ho anao, fa tsy hoe : inona no izany hoe izaho ve dia koba vaovao izany ? Izany ny programan'Andriamanitra ho anao, ho « koba vaovao ».

Voalohany indrindra, ny « koba vaovao » dia mahalala tsara an'i Kristy. Hoy ilay **and. 7b** hoe : « *Fa voavono Kristy, Paska ho antsika* ». Izay no hafatra volamena voalohany ry havana.

### **Fahamarinana 1 : FA VOAVONO KRISTY, PASKA HO ANTSIKA**

Rehefa mahare olona maty isika ry havana, dia malahelo ; normal izany. Fa rehefa mahare olona isika hoe, maty i anona, maty novonoin'olona, ary tena hoe novonoina tamin'ny fomba feno habibiana, Kristy voavono, izay no lesona voalohany eto, dia tena hoe troublé isika, mivarahontsana isika, ary tsy zakan'ny eritreritra izany hoe nisy namono, ary nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana izany. Na olona tsy ananantsika fihavanana manokana, ilay eritreritra fotsiny hoe i anona anie hono ka maty e, novonoin'olona tao an-tranony. Ry havana ô, voavono, voavono Kristy, voavono Kristy ; izany no ampatsiahivina anao. Izany no ampatsiahivin'ny Soratra Masina, ary Izy maty io, nitsangana tamin'ny maty, ampatsiahivina izany, fa hoy ilay mpitoriteny anankiray izay : ny zava-doza anie e, ny drame ange amin'ny Fiagonana kristiana e, dia izao : ilay votoantin'ilay filazantsara hainy tsianjery : Voavono Kristy, Paska ho antsika ary nitsangana tamin'ny maty ho fanamarinana antsika. Hainy tsianjery izany ; fa rehefa mihaino eo izy an, tsy hainy ny mi-tiré ny conséquence an'izany hafatra volamena izany. Fa hainy tsianjery izany zavatra izany. Ry Fiagonana ô, hainao tsianjery izany zavatra izany, fa fantatralo ve ny conséquence izany ao amin'ny fiainanao e ? Manova ny fiainanao ve izany ry havana ô ? Raha « koba vaovao » ianao, efa nanova ny fiainanao tokoa izany. Sa koba tonta ianao ? Sa koba efa lo ianao ? Koba efa simba ireo ry havana ô. Ary mety tsy manova na inona na inona izany

satria tsianjery be fotsiny. Rehefa miteny hoe : Voavono Kristy, Paska ho antsika, dia hoe mampahatsiaro ny Paska tamin'ny alin'ilay loza fahafolo nanafahan'Andriamanitra ny Zanak'Israely tany Egypta, loza fahafolo izay nahafahana namonjy ny Zanak'Israely, dia hoe nanirahan'Andriamanitra ny anjelinny handringana ny lahimatean'ny Egyptiana ; lahimatean'ny Egyptiana, na zanaka izany, na biby fiompy, dia hoe aringana. Aringan'ny anjelin'Andriamanitra amin'io alin'ny Paska io. Fa hoe, ilay ràn'ny Zanak'ondry, izay hoe natentina tamin'ny tolam-baravarana roa sy ny tahotahom-baravarana no marika fa eo ambany fiarovan'i Jehovah ilay ankohonana amin'izany trano izany ; ka raha mandalo ilay anjely handringana, dia avotra, avotra ilay ankohonana ao. Ary ny fanafahana : ny Paska ; fa rehefa miteny isika hoe Paska = mandalo = fandalovana, Paska = fandalovana : izay no tena dikan'ny Paska, dia hoe mahatsiaro ilay fandalovan'ny anjelin'i Jehovah eo anoloan'ilay trano misy ny rà izay miaro. Izay no dikan'ny Paska, hoe mandalo. Dia izao ry havana: izay no tao amin'ny jiosy izay ; fa ho antsika, mbola tsy azon'ny fandringanana isika, satria io rà nalatsaka teo amin'ny hazo fijaliana io, no mbola maha-toy izao antsika ry havana ô. Io rà nalatsaka teo amin'ny hazo fijaliana io, no mbola maha-toy izao antsika. Isika no tokony niakatra teo, fa Jesoa nisolo heloka antsika. Ary isan'andro isan'andro, mbola tsy ringana isika satria mbola tian'i Jesoa ho arovana amin'ny hazo fijaliana ianao. Hoy ilay mpitoriteny anankiray izay : mandinika aho ny ankamaroan'ny Fiagonana kristiana, dia manontany tena aho hoy izy hoe tena Fiagonan'i Jesosy Kristy ve ireo Fiagonana ireo e ? Fa rehefa mandinika ny ankamaroan'ny Fiagonana aho, na ny Fiagonana kely indrindra any ambanivohitra na ny Fiagonana aty an-drenivohitra, aty an-tanan-dehibe, misy olona aman-jatony, aman'arivony miangona, feno activités tahak'izao ; manontany tena aho raha Fiagonan'i Jesoa Kristy ireny, na hoe association religieuse, club religieux : manao fomba fombam-pivavahana ohatran'ny zavatra nataon'ny Notre Dame tao Paris tao : mirehareha amin'ny Fiagonana, mirehareha ny amin'izao, fa tsy mirehareha

ny amin'ilay mpamony sy ny rà nalatsaka teo amin'ny hazo fijaliana. Ny anton'izany hoy ity mpitoriteny ity, ny anton'izany dia farany tsotra : « les chrétiens ont oublié qu'ils étaient des coupables possibles de la peine de mort ; ils ont oublié qu'ils étaient coupables et possibles de la peine de mort ». Izaho izany, ianao izany. Mahita aho ry havana any amin'ny gazety hoe nigadra hono i anona, nigadra izy noho ny nataony : mampalahelo, mampalahelo. Nigadra fa nanodina an'izao, nigadra fa nangalatra, nigadra fa namono, mampalahelo ; fa mampihontsona ihany, mampihetsi-po ihany rehefa mahita hoe possible de la peine de mort anie i anona e ; io heloka be vava nataony io, possible ; izaho sy ianao ry havana ô, hoy ilay toritenin'ilay mpanompon'Andriamanitra hoe : « nous avions été possibles de la peine de mort ». Possible de la peine de mort isika ry havana ô, ary enga anie ka hanova ny finoantsika izany, hanova ny fifandraisantsika amin'i Jesoa izany, hanova ny fanompoantsika izany ary tsy ho club sy association religieuse intsony ny Fiagonantsika fa Fiagonan'Ilay Jesoa Kristy voavono ho Paska ho antsika. Enga anie ka hanova ry havana !

Ary io Jesoa Kristy io, izay nandoa ny vidin-drà, satria vidin-drà ihany no nahafahana namonjy antsika, Jesoa Kristy izay nandoa ny vidin-drà ho solon'ny helotsika ho fanavotana antsika, Jesoa Kristy ry havana, tamin'ny alalan'io rà io koa, no nanova antsika ho olom-baovao, nanome toeatra vaovao ; nanome toeatra vaovao, dia hoy ilay mpitoriteny teo ihany : ny tsy fantatry ny kristiana, ary tena dramatique izany, ny tsy fantatry ny kristiana ange e, fa io rà latsaka teo amin'ny hazo fijaliana io, nanova antsika ho « koba vaovao » : ny toetran'i Jesoa rehetra, afa-ts'ilay toeetrany tsy capable manota, ny toetran'i Jesoa rehetra, afa-ts'ilay toeetrany tsy capable manota, dia nomeny ahy, nomeny anao ry havana ô, « koba vaovao ». Capable ianao tena mitia tahaka ny nitia vany anao ; capable ianao tena miantra olona, tahaka an'izay niantrany anao ; capable ianao mandefitra, capable ianao mamela heloka, tahaka izay nandeferany, sy namelany ny

helokao. Izany ny vaovaon-ny Paska : nataony « koba vaovao » ianao, mitovy toetra Aminy ry havana ô, ianao ilay possible de la peine de mort teo aloha. Kristy no voavono nisolo heloka anao.

Izay no fahamarinana 1 : Voavono Kristy, Paska ho antsika. Ary io rà nalatsaka teo io, no mbola nahatonga ny mpandringana handalo, tsy nandringana, tsy nandringana, tsy nandringana anao ry havana ô.

Ny fahamarinana faharoa dia izao, eo amin'ny **and. 7** : « Esory ny masirasira ela »

## **Fahamarinana 2 : ESORY NY MASIRASIRA ELA**

Olona efa « koba vaovao » no hitenenana an'izany. Tsy ny jentilisa ry havana ô, tsy ny kristiana anarana ; fa olona efa « koba vaovao » : Esory amin'izay ny masirasira ela.

Ilay masirasira, amin'ny DIEM dia tenenina mihitsy hoe « leviora » ; izany mihitsy no ilazan'ny DIEM azy. Esory ilay leviora. Ilay leviora an, zavatra kely atao ao anatin'ilay koba, atao ao anatin'ilay paty dia mampibontsina an'ilay paty. Ka ilay leviora eto dia sary-na fahotana, izay moa ilay sary eto, kely, raha izay no ilazana azy, sary-na fahotana kely, raha tsy esorina amin'ilay koba vao, dia hibontsina, hibontsina eo amin'ny fiainanao, dia hanimba ny fiainampanahinao, hiteraka fandringanana, hanimba ny fifandraisanao amin'i Jesoa Kristy ry havana ô, io masirasira kely io, io leviora kely tsy mampaninona anao io, efa mahazatra anao io. Hanimba anao io, hanimba ny fiarahanao mandeha, fiarahandalana amin'i Jesoa Kristy. Hoy ny Tompo hoe : fantaro io masirasira kely io, fantaro ny leviora kely izay mbola tehirizinao ao am-ponao, fa Kristy efa voavono ho anao, ahazoanao manaisotra an'izany ; ary tsy hoe ahazoanao manaisotra an'izany masirasira izany, fa ddiy ny hoe : esory ny masirasira ela. Esory ny masirasira kely, esory ny otakelin'ny fosafosa ; esory ny masirasira, ny otaotan'ny lainga

lainga kely ; esory ny masirasiran'ny mauvaise foi kely, etc.. Esory, esory izany leviora izany fa hanimba ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Ary mbola manampy anao ny Tompo ry havana ô, manampy anao ny Tompo, fa ianao izay nataony « koba vaovao » io, dia hoe omeny fahatsapana vaovao ny amin'izany fahotana izany : omeny sensibilité vaovao ianao ny amin'ny fahotana e. Ka izay zavatra nahazatra anao, izay zavatra tsy nampaninona anao, satria efa « koba vaovao » ianao, dia hoy ianao hoe tsy toléré-nao intsony izao zavatra izao ao amin'ny fiainanao. Izany ve ianao ry havana ? Raha izany ianao anio, dia mankalaza Paska feno firavoravoana tsy misy masirasira ela intsony, satria efa nomen'ny Tompo ianao, amin'ny fanampiana anao, izay toetra vaova, izay sensibilité vaovao izay amin'ny fahotana. Esory, esory ry havana izany masirasira ela izany.

Inona ilay masirasira ary, tononon'ny Tompo manokana eto ?  
Misy masirasira vitsivitsy tononona amin'izao andron'ny Paska izao.

1. Io hoe masirasira io, efa notenenin'i Jesoa io ry havana. Jerentsika ny **Matio 16 : 11**, mananatra mpianatra Izy : « *Ahoana no tsy ahafantaranareo fa tsy ny amin' ny mofo no nolazaiko taminareo? Fa tandremo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo sy ny Sadoseo* ». Ilay Jesoa nitsangana tamin'ny maty io izany, nanafatra Izy hoe fahiny : « *tandremo ny masirasiran'ny Fariseo sy ny Sadoseo* ». Ny masirasiran'ny Fariseo sy ny Sadoseo asain'i Jesoa ialantsika dia ilay hoe **masirasiran'ny fombam-pivavahana ivelany, masirasiran'ny fihatsaram-belatsihy**. Mifona aho miteny an'ity ry havana, rehefa misy havana, namana, avy any an-dafy, nahafantatra any tany, dia rehefa mandalo aty ireny dia manontany anay hoe inona Pasitera no tena maha samy hafa ny fitandremana Fiagonana aty Madagasikara sy ny fitandremana Fiagonana any an-dafy ? Tsisy fisalasalana ny valiny, tsotra ny valiny, ary fohy ny valiny: ny maha samy hafa ny any sy ny aty, ny fihatsaram-belatsihy.

Samy mihatsara velatsihy ny any sy ny aty, fa aty, 15 taona aho no manamarina hoe champion du monde isika malagasy amin'izany fihatsaram-belatsihy izany, champion du monde. Esory izany ry « koba vaovao » e, esory izany ry « koba vaovao ». Tsy ho ahy, fa ho anao. Ary izany no namonoana ny Tompo teo amin'ny hazo fijaliana, ho Zanak'ondry hisolo heloka anao, ary io rà io hanadio anao amin'izany masirasira ela izany e.

2. Fa ilay masirasira elan'ny Fariseo, dia ilay **masirasira elan'ny fampianaran-diso**, ary io mampahatsiaro ny secte izay miroborobo moa aty na any Frantsa ry havana. Ilay fampianaran'ny secte anie, misy vitsivitsy tena ohatran'izany ; fa ilay izy anie tsy ary ho diso daholo e. Fa hoe misy fampianarana kely misy lesona 10 eo, dia 1 diso, tsy fantatrao akory hoe diso iny. Fa iny masirasira kelin'ny lesona anankiray, fampianaran-diso anankiray iny, no hanimba ny fiainam-panahiniao. Ary mety hamarina anao mivantana any anaty lavaky ny helo. Izay izany ilay masirasira hoe esory io ry « koba vaovao », esory, esory io hoy Ilay maty ka nitsangana tamin'ny maty ary mipetraka eo an-kavanana'Andriamanitra ankehitriny.
3. Raha miverina ao amin'ny **1 Korintiana** isika ry havana, dia misy masirasira anankiray mpahazo antsika ry havana, hoy ny **6** : « *Tsy mety ny fireharehanareo* ». Tsy mety ny fireharehanareo. Ireto Korintiana ireto no mpirehareha : tanan-dehibe Korinto, sy ny karazany. Dia mirehareha izy. Tsy mety io fireharehanareo io e, esory io **masirasiran'ny fireharehana** io e. Fa inona moa no tena nireharehan'ny Korintiana ? Jereo ao amin'ny **Toko faha-4** ry havana, **and.8** : « *Efa afa-po sahady ianareo, efa manan-karena sahady ianareo, efa manjaka ianareo* ». Ry havana ô, ny mampirehareha an'ireto Korintiana ireto ? Io **and.8** io : afa-po amin'ny tenany izy, manan-karena izy, manjaka izy. Afa-po amin'ny tenany izy, manan-karena izy. Dia eo amin'izay isika vao mamaky ilay **and.7** : « *Fa iza no mampihoatra anao ? Ary inona no*

*anananao, izay tsy noraisinao ? Fa raha nandray ihany ianao, nahoana no mirehareha hoatra ny tsy nandray ? »* Ry havana ô, tondron'ny Tompo manokana ao amintsika Fiagonana : esory io levioran'ny fireharehana io. Esory io levioran'ny fireharehana io. Fa maninona no tenenin'i Paoly hoe tsy mety anie io fireharehanareo io ry Korintiana, eo amin'ny **and.6** ? Tsy mety io fa miteraka fireharehana, fiheveran-tena ho zavatra ; tsy mety io fa miteraka avonavom-po, avonavom-panahy. Dia ahoana no fisehon'ilay avonavom-panahy ato amin'ny **1 Korintiana 5** ? Mi-tolérer ota, mi-tolérer fijangajangana. Tsy mbola nahita fijangajangana ohatran'izao aho na dia tany amin'ny jentilisa aza hoy Paoly, izany hoe lehilahy mandry amin'ny vadin'ny rainy izany, fa toléré-nareo izany. Anarina ianareo, miavonavona ianareo, fa toléré-nareo ny fahotana. Fa mirehareha nareo amin'ny harenareo, mirehareha ianareo fa afa-po ianareo amin'ny fiainanareo. Esory, esory, esory izany masirasiran'ny fireharehana izany ry havana ô, dia asehonao fa tena hoe « koba vaovao » ianao. Ny « koba vaovao » ihany no afaka miaina fifaliana sy firavoravoana tsy misy fangarony ry havana ô.

Esory ny masirasiran'ny fampianaran-diso – Esory ny masirasiran'ny fihatsaram-belatsihy – Esory ny masirasiran'ny fireharehana. Misy masirasira 2 farany ry havana izay tondron'ny Tompo. Eto amin'ny **and.8** : « *ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin'ny masirasira ela, na amin'ny masirasira lolompo sy faharatsiana* ».

4. **Masirasira lolompo** : mahavariana ry havana ny nandikan'ny DIEM an'io hoe masirasira lolompo io. Hoy izy hoe : « masirasiran'ny fitondran-tena tsy valahara ». Mafy be izany, mafy be izany. Fa ny dikanteny protestant moa dia naka exemple anankiray-na fitondran-tena tsy valahara, dia ny lolompo. Ry « koba vaovao » ô, ry « koba vaovao », atomboy eo amin'ny

ankohonanao, atombay eo amin'ny ankohonanao : aoka ho tena Paska firavoravoana tsy misy masirasira lolompo ity Paska ity, ka hoe rehefa miala eto ianao, ka tonga any an-tranonao ao amin'ny ankohonanao, ao amin'ny fianakavianaao, teneno izy hoe : esoriko ny masirasira lolompo noho ilay rà vidin'ilay fanavotana ahy teo amin'ny hazo fijaliana : mamela ny helokao aho, mamela ny helokao aho. Aza manao an-dolom-po e. Aza manao an-dolom-po intsony ry havana ô. Aza manao an-dolom-po, esory izany masirasira izany

5. Ny masirasira farany dia ilay hoe **masirasira faharatsiana**, masirasira faharatsiana. Ilay faharatsiana resahina eto dia amin'ilay fifandraisana ihany koa amin'ny samy olombelona. Ary ny tena mahavariana ry havana amin'ilay hoe faharatsiana eto, ilay teny grika nadika hoe faharatsiana, dia adika amin'ny teny frantsay hoe : « pervers », na « perversité ». Aoka izany ny pervers e. Aoka izay io perversité io ny amin'ny fifandraisana e ! Tsy amin'ny samy kristiana fotsiny, fa amin'ny samy olombelona : esory e, esory io masirasiran'ny perversité, io masirasiran'ny perversion io ry havana ô, dia hanana ny fifaliana sy ny fahasambaran'ny « koba vaovao » ianao.

Ahoana no anesorako azy ? Efa fantatrao ny valiny : jerentsika ry havana ny **1 Jaona 1 :9** : « *Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy, ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra* ». Ianao izay efa « koba vaovao », nomena sensibilité vaovao amin'ny fahotana, tapaho ary ny hevitra dia tonony eo anatrehan'ny Tompo ry havana ô : « Jesoa an, ny fiainako mihitsy no ao amin'io Baiboly io, ny fiainako mihitsy no noborahinao teny amin'ny pilopitra teny, entiko aminao aloa izao e, fa ny teninao no milaza hoe raha miaiky ny fahotako aho dia mamela ny fahotako rehetra ianao, ary io rà nalatsakao teo amin'ny hazo fijaliana io, afaka manadio ahy amin'izany tsy fahamarinako rehetra izany, afaka manadio ahy amin'izany

masirasira ela rehetra izany ».

Ny fahamarinana 3 hamaranana an'izao toriteny izao ry havana.

### **Fahamarinana 3 : MITOMBOA AMIN'NY FANAHAFANA AN'I JESOA IANAO, RAHA KOBA VAOVAO**

Mitomboa amin'ny fanahafana an'i Jesoa. Misy eritreritra diso ry havana eo amin'ny olombelona, indrindra ilay olona hoe athé, tsy miraika amin'ny fivavahana, tsy miraika amin'i Jesoa. Dia izay hevi-diso izay, hita ao amintsika Kristiana. Inona ilay hevi-diso ? Ilay hevi-diso dia eritreritra manao hoe : « an an an, ny ahy ny important dia ny tsy manao ratsy ; ny ahy ny important dia ny manao soa, manao zavatra tsara. Ary ny hiezahako eo amin'ny fiainako dia rehefa tontaliana, ny zavatra tsara nataoko, lehibe kokoa, be kokoa noho ny ratsy vitako ». Misy olona koa, Kristiana, tratran'izay hevi-diso izay, dia mijoro vavolombelona izy hoe : « an an an, izaho izao efa miezaka mijoro ho « koba vaovao », 6 jours sur 7 ». Tsy azoko aloa hoe maninona no tsy 7/7 fa 6 jours sur 7 e. Izay ilay zavatra. Fa hoe : efa zava-dehibe izany. Ilay hevitra mifandraika amin'izay dia hoe izaho efa miezaka ny ho « koba vaovao » à 80%. Ry havana, ry havana, tsy ny ho « koba vaovao » à 90%, tsy ny ho « koba vaovao » à 90% no iantsoan'ny Tompo anao, satria ilay 10% tavela io, io ilay leviora kely mbola mety hanimba ny fiainanao ara-panahy, ary mety hiteraka désastre, mety hiteraka loza amina tambo amin'izany fiainanao ara-panahy izany. Diso hevitra ianao, diso hevitra ianao, raha izay no tanjona. Ary izay no mahatonga antsika hiteny hoe, tsy hanisa ohatran'izany no zava-dehibe, fa ny hampiseho fa hoe « koba vaovao » ; ary dia hoe mitombo amin'ny fanahafana an'i Jesoa, mitombo amin'ny fanahafana an'i Jesoa. Izay ihany ry havana. Ary raha lavo ianao androany, mifonà e ! Raha solafaka ianao rahampitso, mifonà e ! Ary araka ilay teny teo, nomena toetra tahaka ny an'i Kristy isika, izay no maha-olom-baovao, izay no maha-koba vaovao antsika, afa-ts'ilay hoe tsy fahaizana manota ; hatramin'ny fara-fofon'aintsika isika dia ho mpanota ry havana ô. Fa araka ilay toriteny fanao eto :

hafa ny hoe solafaka, lavo, dia mifona dia atsangan'i Jesoa ary dia miezaka ny tsy hanao intsony ; ary hafa ilay hoe solafaka, dia lavo, dia lavo, dia mitoetra amin'izany fahotana izany.

Mampieritreritra antsika ny Tompo ry havana ô, mampieritreritra antsika ny Tompo : esory izay masirasira fantatralo, na izay masirasira kely indrindra. Raha ampisotroina rano ianao, dia hoe io ilay vera ohatran'izao, dia efa nampidininina tao ilay izy hoe rano madio be ; fa nasiana goutte iray, goutte iray-na asidra, hisotro ve ianao ry havana ? Tsy hisy hisotro an'izany eto. Izay ilay masirasira an'ilay leviora kely mety hamono, mety hanimba. Fa hoy ny mpitoriteny : faran'izay mailo, faran'izay sarotiny isika, ny amin'ny fiainan'ny vatantsika, fa ny fiainampanahintsika, amaivanintsika. Hoy ny Tompo hoe : < koba vaovao » ianao, esory izay masirasira ela rehetra ; fa amin'io masirasira kely io, io no haminganan'ny devoly anao. Mailo isika satria fantatsika fa hoe ny devoly dia mierona manodidina antsika mitady izay ho arapany, fa ny devoly hoy izy, tsy amin'ireny zavatra goavana be ireny anie no haminganany antsika e, fa hoe amin'ny masirasira kely : ireny no ahazoantsika manokatra varavarana ao amin'ny fiainantsika, miteraka dégâts amin'ny fiainantsika ara-panahy, ary mahatonga antsika mpino hiverin-dalana. Ary rehefa hoe mahatonga antsika mpino hiverin-dalana, miverin-dalana, tsy hoe amin'ny fangitsiam-po fotsiny, fa miverin-dalana ho any amin'ny devoloy ry havana ô. Esory ny masirasira kely.

Ary rehefa jerena io texte io hoe manaova firavoravoana, ilay teny grika dia hoe manaova firavoravoana isan'andro isan'andro, hatrany amin'ny fara-fofon'ainao. Aza manao firavoravoana fotsiny ny Alahady, androany Alahady 21 Avril 2019 ; isan'andro, manaova firavoravoana tsy misy masirasira. Ny Tompo ry havana, hamindra fo amintsika, Izy izay efa nandatsaka ny râny ho antsika teo amin'ny hazo fijaliana. Izy no hamindra fo ary dia Izy no hiasa ao amintsika, na ny

fikasana na ny fanaovana, hanaisotra an'izany hoe masirasira ela izany, izany leviora mety hoe hanimba ny fiainam-panahintsika, ary hahatonga fandringanana ara-panahy sy fahafatesana mandrakizay ao amintsika.

Vaovao mahafaly : fantaro, saino mandrakariva, aza adinoina fa « koba vaovao » ianao. Amena